



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitevane - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-81

**FANANGANANA VAOMIERA MANOKANA MOMBA NY  
FIAMPANGANA MANOLOANA NY FITSARANA AVO  
(HAUTE COUR DE JUSTICE)**

Fivoriana faha-27  
Natao ny  
Alakamisy 2 Jolay 2020  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany : - RASOLONJATOVO Honoré  
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA :** Alakamisy 2 Jolay 2020, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fananganana Vaomiera Manokana momba ny Fiangangana manoloana ny Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice).

Nitohy ny Alakamisy 2 Jolay 2020, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona no nitarika izany.

Rehefa avy nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay fivoriana hananganana ny Vaomiera Manokana momba ny Fiangangana manoloana ny HCJ; nambarany fa ho fampiharana ny andininy faha-202 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena sy ny Toko faha-IV ao amin'ny Lalàmpanorenana no anton'izao fifidianana ny Filohan'io Vaomiera Manokana io izao.

Hisy fandaminana asa hatao, izany hoe ny Filohan'io Vaomiera io no hofidina mivantana, fa ny mpikambana dia tendrena isaky ny Vondrona Parlemantera. Marihana fa tsy maintsy hita taratra ao ny Vondrona Parlemantera.

Hiato kely isika mba ahafahana manomana ny bileta hanaovana ny fifidianana izay ho Filohan'io Vaomiera Manokana io.

Niato tamin'ny 4 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivoriana, noho izay fandaminana voalaza teo aloha izay.

Nitohy tamin'ny 5 ora sy 35 minitra, hariva, indray ny fivoriana rehefa vita ny fandaminana natao.

Teo ampanohizana ny fivoriana, nambaran-dRamatoa Filoha, fa Solombavambahoaka iray no nahatonga taratasy filantsahan-kofidiana ho Filohan'io Vaomiera dia Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fampielezan-kevitra ho azy ny Solombavambahoaka izay afaka manao izany satria tsy eto an-toerana ny tenany.

Nomena fitenenana Andriamatoa MAMANGY Norbert, taorian'izay ary nambarany fa fantany loatra Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, ka mendrika hofidiana amin'io toerana io.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, nilaza izy fa niara-niaina efa ela izy mirahalaha ary ny olona voampanga amin'ny raharaha tahaka izao, nandritra ny "mandat"-ny rehetra, hitany daholo ny lafitsara sy ny lafiratsy tamin'ny zavatra rehetra. Noho izany, afaka mitazona tsara izany toerana izany izy satria olona mandanjalanja amin'ny asa ataony. Izay antony izay no anentanana antsika rehetra handany azy 100% amin'ny latsabato hatao avy eo.

Misaotra anareo Solombavambahoaka mirahalaha nanao izay fampielezan-kevitra ho an'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré izay.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, hamerina indray ny fanamarinam-pahatongavana, mba hizarana ny bileta tokana.

Nanatanteraka izany ny Mpandraharahan'ny Antenimierampirenena.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa kandida iray no hofidina ka aleo tononona tsidimidimy ny Solombavambahoaka, mandeha maka ny taratasin-datsabato, avy eo mandeha ao amin'ny "isoloir", aorian'izay, mandatsaka ny vato ao anaty «urne».

Rehefa vita ny fandatsaha-bato, niangavy Solombavambahoaka miisa 4, Ramatoa Filoha, mba hanao ny fanisam-bato.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nanatontosa izany:

- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RASIMANANA
- ANGELE Solange

Toy izao no vokatry ny latsabato rehefa natao ny fanisam-bato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 58

Vato maty: 02

Vato fotsy: 07

Vato manan-kery: 49

Vato azon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré: 49

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny Vaomiera Manokana misahana ny fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo na ny HCJ, ny Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré.

Rehefa izany, niarahaba azy, Ramatoa Filoha, eny na tsy eto an-toerana aza ny tenany ary nirary azy hahavita be amin'ny adidy miandry azy.

Vita izay, nambarany fa horaisina ny anaran'ireo Solombavambahoaka miisa 17 mandrafitra ity Vaomiera manokana ity ary anisan'izany ny Filoha vao lany teo.

Rehefa natao ny fampiharana ny andininy faha-47 sy ny andininy faha-174, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, toy izao no fitsinjarana ny toerana ao anatin'izany Vaomiera Manokana izany:

- - Ny Vondrona Parlemantera IRD, manana mpikambana miisa 12.
- - Ny Vondrona Parlemantera GPR, manana mpikambana miisa 03.
- - Ny Vondrona Parlemantera TIM, , manana mpikambana miisa 02.

Taorian'izay, niangavian-dRamatoa Filoha, mba hanolotra ny anaran'ireo Solombavambahoaka ho mpikambana ao amin'izany Vaomiera Manokana izany ireo Vondrona Parlemantera tsirairay voalaza eo ambony.

Rehefa izany, nanao satroka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary nanambara fa voaray ny toromarika amin'ny hanolorana ny anaran'ireo ho mpikambana ao anatin'ity Vaomiera Manokana ity. Efa voalamina ny an'ny Vondrona Parlemantera IRD, hoy izy.

Mbola misy tsy eo ny namana sasany satria tsy maintsy manao sonia, ka izay no andrasanay; halefanay any aminao izany Ramatoa Filoha, rahampitso.

Ho an'ny Vondrona Parlemantera GPR kosa, Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André no nanolotra izany, ka ireto avy ireo Solombavambahoaka ireo:

- - MAMANGY Norbet
- - SATRA Augustin
- - RAKOTONIRINA Jimmy Joe

Ho an'ny Vondrona Parlemantera TIM indray, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle no nanolotra izany.

Ireto no anaran'ireo Solombavambahoaka ireo:

- - RATSIMBAZAFY Alain Jean
- - RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA Fetra

Taorian'izay, niarahaba an'ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'io Vaomiera Manokana io, Ramatoa Filoha sady nirary fahombiazana ho azy ireo amin'ny asa hosahaniny araka ny voalazan'ny andininy faha-131 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Nomarihany, fa adidy sarotra sy mavesatra no hiantisorohan'ireo olom-boafidy ireo. Miara-mahalala izany ny rehetra satria ny Lalàmpanorenana no manome fahefana ny Solombavambahoaka amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiampangana an'ireo olona izay tokony hotsaraina eo anatrehan'izany "Haute Cour de Justice" izany. Tsy kisendrasendra no nahavoafidy anareo ho ao anatin'izany; koa mino sy matoky fa tsy hijery tavan'olona amin'ny asa hatao ianareo, fa fahatokisana nomen'ny vahoaka anareo izany.

Fitsofan-drano an'ireo Solombavambahoaka no namaranan-dRamatoa Filoha ny teniny, mba hahaleo hahasana amin'izany adidy izany izy ireo.

Nomarihany, fa anjaran'ny Filoha no miantso ny fivoriana hataon'io Vaomiera Manokana io rehefa feno ny anaran'ny mpikambana ary aorian'izay ny fananganana ny biraony. Ao anatin'io birao io no hahitana ny Filoha Lefitra, ny Mpampakateny, ny Mpitantsoratra.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa mbola hitohy ny fivoriana aorian'izao lahadinika izao, ka ny fifidianana ny Filohan'ny Vaomiera mpanadihady momba ny asan-dahalo any amin'ny Distrikan'i Morombe no hatao amin'izany.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa efa vonona ny taratasy filatsahan-kofidina ho Filohan'izany Vaomiera izany, ka hotohizana avy hatrany ny fivoriana.


  
 NY FILOHA
   
 RAZANAMAHASOA Christine Harijaona